## NY TENY FIAINANA

*"Ary nahare feo mahery avy teo amin'ny seza fiandrianana aho nanao hoe: indro, ny tabernakelin'Andriamanitra dia eo amin'ny olona, ary Izy hitoetra eo aminy, ary ireo ho olony, ary Andriamanitra no hitoetra eo aminy, dia ho Andriamaniny."*

***Apokalypsy 21:3***

facebook NY VALOSOA Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy) VAOVAO

## Kere ny vahoaka nefa teleferikan'Antananarivo no mahamaika ny fitondrana

**Johnson Rakotobe:** ny ankabeazan'ny vahoaka mihitsy no kere amin'izao fotoana izao, nefa telepherique ho an'Antananarivo, izay ny vahoaka Malagasy rehetra no hanefa izany trosa izany. Tena tsy mieritreritra mihitsy izao fitondrana Rajoelina izao.

**Ninah Miharisoa :** dia tsy voavidy teeshirt sy spectacle intsony izy avy eo dia tsy manaiky ampanofisina puce-n'om by, sy coton de Tuléar ... intsony aveo, aleo vary Mora ihany.

**Tafita Randriamianto :** normal be io raha resahana satria tadidio, fa na izay mbola taranatsika ao aoriana aza dia mbola ho isan'ny handova trosa.

**Vonjy Andriamandamina :** zahay aty atsimo mihintsy no mipetraka tsy mahita an'zany fanomezana ho an'ny kere izany.

**Divine Rabaroelina :** mbola misy caravane du sud ve ? mba havoahay eto hoe ny sary izany karazana caravane zany . D nahavita an'i zareo firy andro ny caravane?

**Hajasoa Hajasoa :** zô ny alehany rehef mifidifidy fôna e! tsy mahay izay laharampahamehana.

**Heri-nirina Rafanomezantsoa :** samy manana ny laharam-pahamehany eh. Raha mbola tsy tapakevitra ny hiray hina isika malagasy dia lalaovin'izay manampahefana eto foana.

**Edmée Prisca Randriamasinirina :** Antananarivo irery no Madagascar hono.

**Amstrong Andriamanantsoa :** atao orinasan-dRajoelina sy ny forongony io telepherique io dia izy no mamerina ny vola notrosainy.

**Harim Andriatinarivo :** hindrambola lava avy eo ny tanindrazana no atao antoka.

**Editho Alex Randriamahazosoa:** anangana foto-drafitrasa ohatra mamboly mangahazo sy mamadika azy ho la farine sady mampiasa herinaratra avy am masoandro ohatra. fa raha vidianana vary am gony am gony oôrany ny fanao ny enjana reny tsy clé an. Tsy mahavita taona, mitohy foana ny kere raha izany.

**Clément Emile Ravelonjato :** ka hoe efa nivadika ndray ilay fitenenana, lasa hoe Antananarivo irery no Madagasikara!


**Hary Rakotomalala :** sur v fa ny 27 tapitrisa no mandoa ny vola nindramina sa ny ampahany ihany ?

**Shana Peterson :** ny tena mety dia iay tena laharam-pahamehana mahasoa ny vahoaka aloha no tokony hatao. Rehefa vita Tsara ireny, Zay vao afaka mitodika @ rendrarendra.

**Aime Roberto Razafimandimby :** ef nisy hatramin fitondrana nifandimby io!solution ny zavatra maharitra atao fa tsy vonjitavanandro.

**Isabelle Nirisoa :** miredIredyyyy !

**Berna Cherline :** raha nanao fanentanana amin'ny fanabeazana aizana i Président ,dia maro ireo nanafoka sy nihomehy azy!



**Stéphanah Ramanandraibe :** ny mpitondra no manao ezaka @ zany. Fa ny Mpamatsy vola tsy hanome an' i fanjakana hamoronana asa izany. Raha anome izy dia sakafo no omeny ampy ny olona mandritry ny 2j na 3j. Maro ireo ONG no manao an'zany. Fa raha ny famoronana asa dia tsy tokony miandry mpamatsy vola…

**Nehemianiaina Razafimamonjisoa :** efa hoe droit fondamentale zany malnutrition zan ,olona filou manampahaizan anie no nilaza anzany e!

**Fandresena Valisoa :** efa mandoa foana isika amin'ny alalan'ny hetra aloantsika.

**Josélito Lemirova :** ny mahasoa ny mpiara-belona maro an'isa aloha vao ny mahafinaritra ny olom-bitsy... izay no tokony ataon'ny mpitondra.

**Razafimandimby Hasimanavotra :** mety zay, fa mila omendanja ny vokatry ny famokarana eto amitsika raha tiana ny hanavotra ny firenetsika.

**Lanto Razaiarimalala :** zavatra tsapako dia atao hitadiavambola fotsiny ny fahantran'ny any atsimo, tsy misy vahaolana maharitra, misy efa mivelona @ fahantran'ny any atsimo fotsiny ireo association, organisme sns...

**Aimé Donnal Rafanoharana :** aza adinoina fa ny fahoriana, ny fihafiana, ny famoizana aina maro ary fanaintainany no fiadanan'ny vitsy...

**Dauphin Rabemazava:** mila hampitoviana ny faritra rehetra fa tsy Antananarivo ihany no Madagasikara, raha hanao an'izany teleferika izany any maninona koa raha hasiana ny renivohi-paritany 5 hafa?

**Gaston Ratelolahy:** mila hapetraka amin'izay ny fitsinjaram-pahefana tena izy eto amintsika fa tsy sarintsariny toy ny mbola misy ankehitriny, aleo hitovy ny faritra rehetra, manjary misy ny tombo sy hala raha Antananarivo hahazo telepherique ny any amin'ny faritra mitanatana vava!

### BEACH VOLLEY 3E CIRCUIT TOLIARA"

## Jessie sy Emma, Atsinanana, no tompon-dakan'i Madagasikara

Nifarana tany amin' ny tora-pasik'i Mangily Toliara faritra Atsimo Andrefana, tamin' ny alahady 19 desambra lasa teo, ny "3e Circuit" tamin'ny Beach volley 2021, izay namarana tanteraka ny taom-pilalaovana 2021 ho an'ity taranja ity. Nisaotra sy nankasitra ny rehetra : Ray aman-dreny mpitantana klioba, ny MJS, Tafita, COM, ny ekipa rehetra, mpitsara lalao ary ireo mpilalao sy mpankafy an'ity taranja ity, sy ireo mpanao gazety ara-panatanjahantena, radio, televiziôna sy ireo mpiaramiombon'antoka rehetra nanampy sy nanome tanàna ary nanaparitaka vaovao mikasika ny tontolon'ny volleyball, araka izany, ny Federasôna Malagasin'ny taranja Volley Ball. Voahosotra ho tompondakan'i Madagasikara eo amin'ny taranja Beach Volley 2021 sokajy vehivavy i Jessie sy Emma (Atsinanana) ary teo amin'ny sokajy lehilahy kosa dia i Antonio sy Hasina (Vakinankaratra).



*Ireo tompondaka lahy sy vavy.*

***Rainilita***

### Orange Pro League 2021/2022

## Naharesy hatrany hatreto ny Fosa Juniors Fc Boeny

Tontosa tamin'ny sabotsy 18 sy alahady 19 desambra 2021 lasa teo, ny andro faha-3 amin'ny fifaninanana baolina kitra "Orange Pro League 2021/2022". Hatreto dia misongadina ny ekipan'ny Fosa Juniors Fc Boeny "Conférence Nord", izay naharesy hatrany hatreto tamin'ireo andro telo efa vita ireo, ka mitarika an'isa vonjimaika ao amin'ity vondrona ity. Ao amin'ny vondrona "Conférence Sud" kosa dia ny Elgeco Plus manana isa 7 (+2), no mitarika an'isa vonjimaika. Nisongadina tamin'ity andro faha-3 ity ireo ekipa 3 nivoaka ho mpandresy an-taniny tamin'ireo mpifanandrina taminy avy dia ny ekipan'ny Fosa Juniors Fc sy Cosfa ary ny Mama Fca, izay samy nandavo avy ny Tia Kitra Fc sy Jet Kintana ary ny Zanakala Fc. Vokatra fenon'ny andro faha-3 : Five Fc 1 - 1 Uscafoot, As Fanalamanga 1 – 1 Ajesaia, Tia Kitra Fc 1 – 2 Fosa Juniors Fc, Jet Kintana 0 – 2 Cosfa, Cffa 3 – 1 Jfc Toliara, Elgeco Plus 1 – 1 A.Dato Fc, 3Fb Toliara 5 – 3 Disciples Fc, Zanakala Fc 0 – 1 Mama Fca.



*Ny ekipan'ny Fosa Juniors Boeny 2021.*

***Rainilita***

### Rallye

## Tompondakan'i Madagasikara i Mika sy Fafah

Nifarana tamin'ny alahady 19 desambra 2021 teo, ny fifaninanana rallye Ct motors, nokarakarain'ny Club Ama, izay dingana faha-8 farany amin'ny fiadiana ny ho tompondakan'i Madagasikara 2021. Mbola norombahan'i Mika sy Fafah nitondra Peugeot 208 T16 indray izany fifaninanana farany amin'ny fiadiana ny ho tompondakan'i Madagasikara 2021 izany, ka dia voahosotra ho tompondakan'i Madagasikara amin'ny rallye taona 2021 izy ireo. Nanaraka azy ireo tamin'ny filaharana ankapobeny i Mathieu sy Andry Tahina, nitondra ny fiara Subaru Impreza ary laharana faha-3 i Fred sy Mick, nitondra Subaru Impreza ihany koa.



*Mika sy Fafah.*

***Rainilita***